Ry olombelona, Tompo Allah dia madio, ary tsy mandray (asa) afa tsy izay madio ihany, ary hamafisina fa ny zavatra nanirahan’I Allah ireo Iraka

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaira (R.A) niteny : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ry olombelona, Tompo Allah dia madio, ary tsy mandray (asa) afa tsy izay madio ihany, ary hamafisina fa ny zavatra nanirahan’I Allah ireo Iraka dia nanirahany an’ireo mpino ihany koa, ary niteny izy manao hoe : “Ô ianareo Iraka! mihinàna amin’ireo zavatra tsara sy madio ianareo, ary manaova ny soa, fa mahafantatra izay rehetra ataonareo Aho». (Al-mo'minona 51). Ary niteny ihany koa Izy manao hoe : «Ô ianareo mpino ! mihinàna ireo tsara sy madio amin’ny anjara izay nomenay anareo ianareo". (Al bakarah:173) rehefa avy eo izy (S.A.W) nitantara mikasika ny lehilahy iray mpandeha lavitra ka mikorontana sy feno vovoka ny volony nampiakatra ny tànany ho any amin’ny lanitra ka nangataka : Tompo oh! Tompo oh! nefa ny sakafony sy ny zava-pisotrony dia Haram, ary mihinana sakafo voarara izy, koa ahoana no hamaliana izany?

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manambara atsika ny Mpaminany (S.A.W) fa Allah dia tsara, masina, lavitra ny lesoka sy ny kilema rehetra, ary miavaka amin'ny fahalavorariana, tsy manaiky ny asa, ny teny, na ny finoana afa-tsy izay tsara, ary izany dia izay madio ho an’I Allah, araka ny soridàlan'ny Mpaminany (S.A.W), ary tsy tokony hanakaiky kokoa an’I Allah raha tsy amin’ny alàlan’izany, ary ny zava-dehibe indrindra hahazoana ny asa soa ho an’ny mpino dia ny fahadiovan'ny sakafo haniny, ary azo amin’ny fomba ara-dalàna izany (Halal), ary arak'izany dia hadio ny asany. Noho izany, Allah dia nandidy ny mpino hanao izay nandidiany ny iraka, dia ny fihinanana zavatra ara-dalàna sy ny fanaovana asa soa, ka niteny Izy manao hoe : {Ry Iraka! Mihinàna amin'ny zava-tsoa ary manaova ny soa fa mahafantatra izay rehetra ataonareo Aho}, ary niteny ihany koa : «Ô ianareo mpino ! Mihinàna ireo tsara sy madio amin’ny anjara izay nomenay anareo ianareo). Avy eo ny Mpaminany (S.A.W) dia nampitandrina amin’ny fihinanana zavatra voarara, izay manimba ny asa sy manakana ny fanekena izany, na dia miezaka manao ny antony rehetra ety ivelany hankatoavana izany aza izy; isan'izany : Voalohany : ny fanitarana ny dia ho amin'ny tanjona fankatoavana toy ny Hajj, Jihad, fanohizana ny rohim-piavanana fianakaviana, sy ny sisa. Faharoa : Misaraka ny volo noho ny tsy fibangona azy, ary niova ny lokony sy ny lokon’ny akanjony noho ny vovoka, ka dia poritra izy. Fahatelo : Manandratra ny tànany ho amin’ny lanitra amin’ny fanaovana Doan. Fahefatra : Mitalaho amin’I Allah amin’ireo Anarany ary manantitrantitra mafy hoe : Tompo ô, Tompo ô! Na dia teo aza ireo antony mahavaly ny vavaka ireo, dia tsy nohenoina izy; Satria ny haniny sy ny zava-pisotrony ary ny fitafiny ary velona amin'ny sakafo voarara izy, ka lavitra azy ny famaliana Douan amin'ireo toetra voalaza ireo, tsy azo atao ny ary ahoana no hamaliany azy?!

